



# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



## FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 21 - 27 OKTOBRA 2015

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara homarihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

### VAOVAO NISONGADINA

Nisokatra tamin'ny 21 oktobra ny fivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimieram-pirenena. Raha toa ka ho fandania ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana no tena natao ifotoran'io "fivoriana momba ny tetibola" io raha araka ny Lalàmpanorenana, dia namboarina ho amin'ny resaka hafa ny lahadinika. Ankoatr'izany, ny **RADIO PLUS** dia nitatitra ny fampitandremana nataon'ny solombavambahoaka izay mandrahona ny tsy handany na lalàna iray aza raha tsy ampidirina ao amin'ny lahadinika ny momba ny solombavambahoaka ao Ankazoabo Atsimo, Mara Niarisy. Ankoatr'izany, izy ireo dia mitaky ny fihaonana amin'ny mambran'ny Mpanatanteraka mikasika io raharaha io ary miantso ny mpitandro filaminana hamerina ny omby amin'ny mpikambana ao amin'ny Antenimieram-pirenena. **TV PLUS** dia nanasongadina malalaka ny fizotry ny fifidianana "haingana" nataon'ny solontenan'ny solombavambahoaka eo anivon'ny CENI. Ny fametrahana ny filatsahan-kofidiana dia nanomboka tamin'ny 26 oktobra ary ny latsabato dia natao ny ampitso ihany. **KOLO TV** kosa dia nitsikera mafy ny fahamaikana amin'ny fametrahana ny vaomiera vaovao. **MA-TV** dia nampahalala ny mpijery ny fandaharana ireo asan'ny vaomiera izay mihevitra ny handinika ny volavolan-dalàna mikasika ny fananganana ny Rantsana famaizana iadiana amin'ny fanondranana andramena, ho amin'ny 10 novambra, alohan'ny anolorana azy amin'ny fivoriana atrehin'ny rehetra amin'ny 19 novambra. Eny anivon'ny faritra, **RNA** dia nanome fanazavana mikasika ny tsaho hanonganana ny birao maharitra ny Antenimieram-pirenena, tamin'ny fanomezana fandraisam-pitenenana an'i Justin Famindra, solombavambahoaka voafidy tao Toamasina I. Io solombavambahoaka io dia nanamafy fa ny volavolan-dalàna dia tena nanaovana adivevitra tokoa teo anivon'ny vondrona parlemantera. Nanararaotra izany izy ka namaky bantsilana ny tsy fahaizamaon'ny mpikambana ao amin'ny birao, ho porofon'izany ny fahasimban'ny trano fonenan'ny solombavambahoaka. Rivotiana Jean Bosco, filohan'ny Vaomiera parlemantera ao amin'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, dia niaiky teo amin'ny fandraisam-peon'ny **RADIO TSIRY** sy **RFONE** fa ny volavolan-dalàna mikasika ny Lalàna fanitsiana ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2015 dia tsy tao amin'ny lahadinika. Nilaza izy na izany aza fa hiady ny amin'ny hampitomboana ny tetibola famatsiana natokana ho an'ny kaominina sy ny faritra.

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



## FOTOTRY NY DISADISA

Ny fifanolanana mikasika ny fananan-tany no tena loharanon'ny disadisa manerana ny tanim-pirenena. Ao an-drenivohitra, ivon'ny vaovao ny fihenjanana eo amin'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana sy ny minisi-panjakana Rivo Rakotovoao mikasika ny tany ao Andohatopenaka. Niseho indray ny raharaha raha vao nampiseho ny taratasy manaporofa fa an'ny orinasany Tiko Agri ny tany nanomboka tamin'ny taona 2008 ny filohan'ny TIM. Ho setrin'izay, ny minisitra Rivo Rakotovoao dia nanitrikitrika fa ny tany dia efa namidy tamin'ny orinasa Seimad. Ny 26 oktobra, dia tsy nahazo niditra tao amin'ny tany ao Andohatopenaka ny ekipan'ny Filoha teo aloha. Mbola tsy tena mankasitraka an'i Marc Ravalomanana ny haino aman-jery. Tamin'ny fiteny mampitaintaina no nilazan'ny radio **ANTSIVA** ny resaka, tamin'ny niampangany fa hanetsika krizy vaovao mitovy amin'ny tamin'ny taona 2009 indray i Marc Ravalomanana. **FREE FM** dia nihatakataka tamin'ny fiandany amin'ny Rivo Rakotovoao izay noharabainy mihitsy satria hentitra izy. Ny haino aman-jery dia misalasala ny amin'ny fahamarinan'ny antontan-taratasy nasehon'ny Filoham-panjakana teo aloha, ary dia tonga hatrany amin'ny fiampangana ny mpivady Ravalomanana ho manome tombon-dahiny ny tombontsoany manokana mihitsy aza. **MA-TV** sy **TVM** dia nampiseho ihany koa ny fiandany ho ao amin'ny fandaharana manokana ny fanomezam-pitenenana ny Praiminisitra. Ity farany dia nanitrikitrika fa ny tany ao Andohatopenaka dia an'ny Fanjakana ara-dalàna. **KOLO TV** irery ihany no niaro an-dRavalomanana. Minomino foana ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny minisitra teo aloha Panja Ramanoelina izay nanamafy fa ny fanomezana ny tany ao Andohatopenaka ho an'ny orinasa Tiko dia natao tamin'ny fanarahan-dalàna, ny haino aman-jery dia nanamafy fa "ny mpomba ny Filoham-panjakana teo aloha dia manaja ny paika arahina araka ny lalàna".

Eto Antananarivo hatrany, mibahana amin'ny haino aman-jery ihany koa ny disadisa eo amin'ny mponin'Androhibe sy ny fiangonana loterana (FLM). Niadian'ny roa tonta ny « toerana filalaovambaolina » ao amin'ny kartie izay lazain'ny FLM fa azy. Efa nilaza ny Talen'ny Sampan-draharahan'ny Fananan-tany fa ny Fitsarana dia nanapaka fa an'ny fiangonana izany. Nanome rariny ny FLM ihany koa ny **FREE FM** tamin'ny fangatahana ny heviny mikasika izany. Tao amin'io haino aman-jery io, dia namaritra ny Filohan'ny Sinodan'Antananarivo fa io tany io dia nampisy fifanolanana hatrany. Nasain'ny **MA-TV** ny filohan'ny vaomiera miandraikitra ny fanajariana ny tany sy ny fitantanana ny fananan-tany eo anivon'ny Antenimieram-pirenena izay nilaza fa tamin'ny didim-pitondran'ny Minisitera no nahazoany izany fa tsy tamin'ny didy navoakan'ny fitsarana. Io haino aman-jery io dia mampahafantatra ny fihaonana manaraka eo amin'io vaomiera parlemantera io sy ny tale jeneralin'ny Fananan-tany, izay manome antoka ny vahoaka ny fihatsaran'ny tohin'ny toe-draharaha. Raha resahina ireo tranga roa misy, ny **VIVA** dia tsy nitanila. Araka izany, ny mpisolovavan'ny FLM dia afaka nandroso ny antontan-taratasy manamarina fa ny tany izay mahatonga fifanolanana dia an'ny olona ifampiraharahan'ny. Naivo Raholdina kosa, dia nanakana fa ny FLM dia tsy manan-jo amin'ny tany raha tsy mbola nanapaka ny fitsarana.

Ao Fianarantsoa, ny haino aman-jery rehetra dia mbola mifantoka amin'ny ady tany mampifanolana ny Lycée Jean Ralaimongo sy olon-tsootra iray. Efa eny amin'ny Fitsarana ny raharaha ankehitriny. Ny haino aman-jery dia nanohana tanteraka ny lycée. **RTV SOAFIA** dia nasongadina ny ahiahin'ny ray aman-drenin'ny mpianatra izay matahotra ny amin'ny fitaredretran'ny fiasan'ny fitsarana izay mety hanimba ny hoavin'ireo zanany. **RFONE** sy **RADIO TSIRY** kosa dia nandalina kokoa ny raharaha ka

Leader du Consortium

Membres du Consortium





# INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,  
Leadership et Stabilité



namela hahazo vahana fomba fijery maro. Ny haino aman-jery voalohany dia nanasa ny proviseur an'ny Lycée Jean Ralaimongo, ny filohan'ny fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra ary mpampianatra vitsivitsy tao amin'ny fandaharany **Tafa sy dinika**. Nangatahan'izy ireo ny fanafoanana ny titra fananan-tany nomena ny mpifanandrina aminy. Ny radio faharoa kosa, dia nanome ny fitenenana ny Lehiben'ny Sampan-draharahan'ny Fananan-tany, Jean Rigobert izay nanamafy ny fandavana ny fangatahana nataon'ny tompon'ny tany. Olana mitovy amin'izany ihany koa tao amin'ny kartie Mahavoky Avaratra, ao Mahajanga izay nitrangana ady tany mampifanolana ny mponina an-toerana sy olon-tsotra iray. Ny **VIVA TV** dia tsy nitanila tamin'ny fandinihana ny fototry ny disadisa, tamin'ny nanomezany fitenenana ny roa tonta. Ny tompon'ny titra fananan-tany dia nanaiky fa izy dia tratry ny mpisandoka izay nanao hosoka ny mombamomba ny tompon'ny tany.

Toamasina ihany koa dia tratry ny olana eo amin'ny fananan-tany araka ny notaterin'ny **RNA**. Io radio io dia nampahafantatra ny fisian'ny fanesorana fianakaviana miisa 800 tao amin'ny kartien'Ambalamanasy nataon'olon-tsotra iray. Niahiahy ny amin'ny tsy maha ara-dalàna ity dingana ity ilay radio. Taminy, ilay noheverina ho tompony dia nidina teny an-toerana niaraka tamin'ny mpitandro ny filaminana sy vadintany ary nitondra fitaovana lehibe mba handravana ny « tranotrano » niorina teo amin'ny ilay toerana.

## FILAZA TSY MENDRIKA

Lalatiana Rakotondrazafy, mpanao gazetin'ny haino aman-jery **FREE FM** dia nanome ny heviny mikasika ny ady tany izay mampifanolana ny minisi-panjakana Rivo Rakotovoao sy ny Filoha Marc Ravalomanana, tao amin'ny fandaharana **Anao ny fitenenana**. Amin'ny fiteny mandrangitra no nanizingiziny fa « *ny mpanao politikantsika, Marc Ravalomanana amin'ity tranga ity, dia manao antsika ho vandrana* »

Ny fanambaran'ny Ambasadaoro Véronique Vouland izay milaza fa ireo “nosy Eparses” dia an'i Frantsa dia mbola miteraka fanehoan-kevitra. Rehefa nohadihadiana tao amin'ny **RADIO ANTSIVA**, ny mpanao politika Alain Ramaroson, dia nanambara fa « *ny fikarakarana ny Fihaonana antampon'ny Firenena miteny Frantsay eto Madagasikara dia finiavan'ny Frantsay hanambitamby, eny hividy mihitsy an'i Madagasikara noho ny fahanginany.* » Nanapa-kevitra ny tsy hiteny kosa ilay mpanao gazety na dia resaka tsy marim-pototra aza izany.

### Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: [tiaray.randriamalala@eces.eu](mailto:tiaray.randriamalala@eces.eu)

Mirana RAZAFINDRAZAKA: [mirana.razafindrakaza@eces.eu](mailto:mirana.razafindrakaza@eces.eu)

Site web: [www.incipals.eu](http://www.incipals.eu)

Leader du Consortium

Membres du Consortium

